Suivi Citoyen par les OSC de la transparence et la Redevabilité de l'Education

RIJANTENY FOTOTRA

MPIROTSAKA AN-TSITRAPO EO ANIVON'NY KAOMININA

vonona hampiroborobo ny fandraisana andraikitra sy fiaraha-mientan'ny olompirenena amin'ny fanatsaràna ny fanabeazana fototra

1- Fampidirana

Hatramin'ny nahazoan'i Madagasikara fahaleovantena dia tsy mitsaha-milentika ao anatin'ny fahantrana ny vahoaka malagasy. Miha-mitombo ny fahasahiranan'ny tokantrano ka tena manakana ny fidiran' ny ankizy an-tsekoly : antony iray lehibe mahatonga ny fialana an-tsekoly mantsy ny tsy fahampian' ny enti-manana ao an-tokantrano. Tamin' ny taona 2018, 53% monja ny ankizy avy amin'ny fianakaviana marefo no mianatra any an-tsekoly ambaratonga fototra raha toa ka 97% izany ho an' ny fianakaviana manankatao. Miandrandra fanampiana avy amin' ny fanjakana ny tokantrano marefo mba hanarenana izany saingy mbola tsy ampy ny tetibola natokana ho an'ny fanabeazana. Araka izany, dia laharam-pahamehana tanteraka ny fangaraharana sy ny fampiasana tsara ireo enti-manana kely eny anivon' ny sekoly, miampy ny firaisankinan' ireo mpiantsehatra amin' ny fanetsiketsehana ny enti-manana manokana. Izany dia mampihena ny kolikoly sy ny fanodinkodinam-bola izay manalefaka ny fiantraikan'ny fahantrana isan-tokantrano sy ny tsy fahampian' ny tetibolam-panjakana. Tena ilaina ny fandraisan'andraikitra maharitra ataon'ny ray aman-dreny/fiaraha-monina ary OSC eny ifotony amin'ny fanaraha-maso sy fizohiana izany mangarahara izany manoloana ny tsy fahatomombanan'ny fanaraha-maso anatiny eo anivon' ny minisiteran' ny Fanabeazam-pirenena.

2- Tanjon'ny tetikasa SCORE

Amin'ny ankapobeny, ny tanjon'ny Tetikasa SCORE dia « manamafy ny fandraisana andraikitry ny olom-pirenena amin'ny fampanjakana ny fangaraharahana eo amin'ny fitantanana sy ny fampiasana ny entimanana mba ahafahan'ny ankizy (lahy sy vavy) indrindra fa ireo ankizy tena marefo hisitraka fanabeazana fototra tsara kalitao. »

Izany indrindra no iantsoany olona vonona hilatsaka antsitrapo hiasa eo anivon'ny izay hanatanteraka (1) fanentanana sy fanabeazana ireo olom-pirenena, fokonolona, firaisamonimpirenena, manampahefana eny ifotony mba ho resy lahatra ny amin'ny fampanjakana ny fangaraharahana sy ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ny fintantanana sy ny fampiasana ny enti-manana mba ahafahan'ny ankizy rehetra misitraka fanabeazana fototra tsara kalitao , (2) Fampahafantarana ny daholobe sy fandraisana sosokevitra fanatsarana mahakasika ny fanaraha-maso ny fangaraharana sy ny fahombiazan'ny vokatry ny tolotry ny fanabeazana tsara kalitao isaky ny sekoly izay nataon'ireo FEFFI ; fokonolona sy firaisamonim-pirenena. (3) hitarika ny FEFFI sy ireo manampahefana /tompon'andraikitry ny fanabeazana izay nisitraka tantsoroka hanatanteraka ireo ireo asa fanatsarana vokatry ny sosokevitra noraisina nandritry ny fanampariahana ny vokatry ny fizohiana sy fanarahamaso ataon'ny olompirenena indrindra ireo asa mamaly ny fampiantiana sy ny filàna manokan'ireo olona/ankizy tena marefo(ireo tena mantra, ireo ankizy vavy ary ireo ankizy manana fahasembanana)

3- Tanjon'ny TAK

Ny TAK dia mandray anjara amin'ny fanamafisana ny tamberinandraikitra sy ny mangarahara mba hanatsarana ny fanabeazana eny ifotony. Amin'izany izy dia mikendry manokana ny :

- Hahazoan'ny rehetra ny mahazava-dehibe ny anjara toeran'ny FEFFI eo amin'ny sehatry ny fanatsarana ny fanabeazana ka hahatonga azy ireo hiara-hisalahy aminy
- Handraisan'ny mpisehatra rehetra anjara amin'ny fanatsarana ny fanabeazana vokatry ny fizohiana sy ny fanarahamaso ataon'ny firaisamonim-pirenena
- Hanamafy orina ny FEFFI sy ny Club MITAFA ahafahan'ny ankizilahy sy ankizivavy indrindra fa ireo tena sahirana sy ireo manana fahasembanana, hisitraka ny fanabeazana fototra tsara kalitao

4- Vokatra andrasana amin'ny TAK

Aorian'ny tantsoroka ataon'ny TAK dia :

- Miroborobo ny fiaraha-miasan'ny FEFFI amin'ireo mpisehatra eny ifotony amin'ny fampanjakana ny mangarahara sy amin'ny fandraisana andraikitra ho fanatsarana ny fanabeazana
- Tontosa ny fanapariahana ny vokatry ny fizohiana sy fanarahamaso ny fanabeazana fototra nataon'ny firaisamonim-pirenena
- Miara-mientana amin'ny fanatontosana ireo asa fanatsarana sy haitaky, indrindra izay mamaly ny fampiatiana sy filàna manokan'ireo ankizy tena marefo, entina hampivoarana ny sehatry ny fanabeazana ny mpisehatra rehetra eny ifotony

5- Ny fotoana iasan'ny TAK

Ny TAK dia manao ny asa firotsahana an-tsitrapo manomboka ny volana Jona hatramin'ny volana desambra 2024

6- Ny iraka sy andraikitry ny TAK

- Manentana sy manabe ny olom-pirenena ary koa manetsiketsika ireo mpandray anjara samihafa,
- Manangonam-baovao mahakasika ny tontolon'ny fanabeazana fototra (FEFFI, STD, klioba MITAFA, OSC, sns.) ary mitatitra izany any amin'ny tomponandraikitry ny distrika (TAD)
- Manjohy sy manarahamaso ny fangaraharahan'ny fitantanana eo anivon'ny sekoly, ZAP ary koa ireo asa fanatsarana vokatry ny fandraisana sosokevitra nandritry ny fanapariahana ny vokatry ny fanarahamaso.
- Manentana ny olom-pirenena hitoroka ireo tranga mamoahetra amin'ny alalan'ny fiantsoana ny laharana maintso
- Mitondra fanamafisana fahaizamanao ho an'ny FEFFI sy ireo club MITAFA ary koa ireo firaisamonipirenena eo an-toerana.

- Manome tantsoroka ny FEFFI/firaisamonimpirenena amin'ny fitondrana adisisika eo amin'ireo manam-pahefana isantsokajiny
- Mandray anjara amin'ny fivoriana fandrindrana sy fanofanana karakarain'ny ekipan'ny tetikasa SCORE.
- Manjohy antsakany sy andavany ireo asa rehetra nankinin'ny tetikasa SCORE eo anivon'ny sekoly iandraketany
- Misolo tena ny tetikasa SCORE eo amin'ny kôminina iandraketany

7- Ny toerana hiasan'ny TAK

Ny TAK dia miantsehatra eny amin'ny Kaominina misy ny fonenany, amin'ireto kaominina manaraka ireto, izay iasan'ny tetikasa SCORE :

Faritra	Distrika	Kaominina
ANALAMANGA	AMBOHIDRATRIMO	AMBOHIDRATRIMO
ANALAMANGA	AMBOHIDRATRIMO	AMBOHITRIMANJAKA
ANALAMANGA	AMBOHIDRATRIMO	ANTANETIBE MAHAZAZA
ANALAMANGA	AMBOHIDRATRIMO	IVATO
ANALAMANGA	AMBOHIDRATRIMO	MANANJARA
ANALAMANGA	ANTANANARIVO AVARADRANO	AMBOHIMANAMBOLA
ANALAMANGA	ANTANANARIVO AVARADRANO	AMBOHIMANGAKELY
ANALAMANGA	ANTANANARIVO AVARADRANO	AMBOHITRABIBY
ANALAMANGA	ANTANANARIVO AVARADRANO	ANKADIKELY ILAFY
ANALAMANGA	ANTANANARIVO AVARADRANO	ANOSY AVARATRA
ANALAMANGA	ANTANANARIVO AVARADRANO	SABOTSY NAMEHANA
ANALAMANGA	ANTANANARIVO AVARADRANO	VILIAHAZO
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	AMPANEFY
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	ANDOHARANOFOTSY
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	ANDRANONAHOATRA
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	ANKARAOBATO
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	ANTANETIKELY
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	BONGATSARA
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	SOAVINA
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	TANJOMBATO
ANALAMANGA	ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO	TSIAFAHY
ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY	AMBANISARIKA
ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY	AMBONAIVO
ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY
ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY	ANALAMARY
ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY	MAROALOPOTY
ANDROY	BEKILY	BEKILY CENTRALE
ANDROY	BEKILY	BELINDO MAHASOA
ANDROY	BEKILY	BERAKETA

ANDROY	BEKILY	MANAKOMPY
ANDROY	BEKILY	TSIRANDRANY
ANDROY	TSIHOMBE	ANJAMPALY
ANDROY	TSIHOMBE	ANTARITARIKA
ANDROY	TSIHOMBE	FAUX CAP
ANDROY	TSIHOMBE	TSIHOMBE
ANOSY	AMBOASARY SUD	AMBOASARY
ANOSY	AMBOASARY SUD	BEHARA
ANOSY	AMBOASARY SUD	IFOTAKA
ANOSY	AMBOASARY SUD	SAMPONA
ANOSY	BETROKA	AMBALASOA
ANOSY	BETROKA	BETROKA
ANOSY	BETROKA	NANINORA
ANOSY	TAOLANARO	AMPASY NAHAMPOANA
ANOSY	TAOLANARO	ANKARAMENA
ANOSY	TAOLANARO	MAHATALAKY
ANOSY	TAOLANARO	MANAMBARO
ANOSY	TAOLANARO	MANDROMODROMOTRA
ANOSY	TAOLANARO	TOLAGNARO
ATSIMO-ANDREFANA	AMPANIHY OUEST	AMBOROPOTSY
ATSIMO-ANDREFANA	AMPANIHY OUEST	AMPANIHY CENTRE
ATSIMO-ANDREFANA	AMPANIHY OUEST	ANKILIABO
ATSIMO-ANDREFANA	AMPANIHY OUEST	BEAHITSE
ATSIMO-ANDREFANA	AMPANIHY OUEST	EJEDA
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY I	ANKENTA
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY I	BETANIA
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY I	MAHAVATSY I
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY I	TANAMBAO I
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY I	TSF Nord
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY I	TSIMENATSE
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY II	ANDRANOHINALY
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY II	BELALANDA
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY II	BETSINJAKA
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY II	MITSINJO BETANIMENA
ATSIMO-ANDREFANA	TOLIARY II	SAINT AUGUSTIN
FITOVINANY	MANAKARA	AMBILA
FITOVINANY	MANAKARA	LOKOMBY
FITOVINANY	MANAKARA	MANAKARA
FITOVINANY	MANAKARA	MIZILO GARE
FITOVINANY	MANAKARA	VATANA
FITOVINANY	VOHIPENO	ANKARIMBARY
FITOVINANY	VOHIPENO	IVATO
FITOVINANY	VOHIPENO	LANIVO

FITOVINANY	VOHIPENO	MAHABO
FITOVINANY	VOHIPENO	NATO
FITOVINANY	VOHIPENO	SAVANA
FITOVINANY	VOHIPENO	VOHINDAVA
FITOVINANY	VOHIPENO	VOHIPENO
FITOVINANY	VOHIPENO	VOHITRINDRY
MENABE	MAHABO	AMPANIHY
MENABE	MAHABO	ANKILIVALO
MENABE	MAHABO	ANKILIZATO
MENABE	MAHABO	BEZEZIKA
MENABE	MAHABO	MAHABO
MENABE	MAHABO	MALAIMBANDY
MENABE	MORONDAVA	ANALAIVA
MENABE	MORONDAVA	BEMANONGA
MENABE	MORONDAVA	MAROFANDILIA
MENABE	MORONDAVA	MORONDAVA
VATOVAVY	IFANADIANA	ANTARETRA
VATOVAVY	IFANADIANA	IFANADIANA
VATOVAVY	IFANADIANA	KELILALINA
VATOVAVY	IFANADIANA	RANOMAFANA
VATOVAVY	MANANJARY	AMBOHITSARA EST
VATOVAVY	MANANJARY	ANKATAFANA
VATOVAVY	MANANJARY	ANTSENAVOLO
VATOVAVY	MANANJARY	KIANJAVATO
VATOVAVY	MANANJARY	MANANJARY
VATOVAVY	MANANJARY	TSARAHAFATRA
VATOVAVY	MANANJARY	TSARAVARY
VATOVAVY	MANANJARY	TSIATOSIKA